Inona ny Vaovao



Fanatanjahantena sy fizahantany

# Italiana fito hitatitra manokana momba an' i Madagasikara

Tonga eto amintsika efa ho andro vitsivitsy izao ny vehivavy italiana miisa fito izay hitatitra manokana momba ny toetolo kanto azo tsidihina eto Madagasikara, ka hampita izany amin' ny alalan' ny horonantsary mihetsika any amin' ny fahitalavitra iray any Italia. « *Donnawentura* » no anaran' ilay fandaharana manokana ao amin' io fahitalavitra italiana io, ka ny sary sy ny feo azon' izy ireo mandritra ny iray volana mahery ijanonany eto amintsika no hampitainy any aminy rehefa tonga any amin' ny Fireneny izy ireo, ny volana oktobra ho avy izao. Vehivavy fito izay samy teratany italiana avokoa avy nandalo fifantenana tany amin' ny Firenena ity no tonga eto amintsika miaraka amin' ny mpaka sary sy ny « *manager* » miandraikitra azy ireo hamantatra an' i Madagasikara mandritra ny iray volana sy herinandro, ka hampita izany any amin' izy ireo amin' ny alalan' ny fahitalavitra rehefa tonga ny volana oktobra. Ny « *Hotelplan* » any Italie no mpiara-miombon' antoka amin' izy ireo amin' ny fanatanterahana ity fandaharana « *Donnawentura* » ity izay vehivavy hatrany no mandray anjara aminy, araka ny anarany rahateo.



Hanomboka anio

Ny « *Madagascar explorer* » kosa no miara-miasa amin' izy ireo amin' ny fandrafetana ny lalan-kodiaviny eto amintsika, ka tapaka fa any Sainte Marie no hanombohana izany, anio. Hampiasana fiaramanidina anefa ny fihazoana an' io Nosy io, ka dia miara-miasa amin' izao dian' ireto vahiny ireto eto amintsika ihany koa ny « *Air Madagascar* ». Ankoatra izay, mifanampy amin' izy ireo ihany koa ny Ofisim-pirenena momba ny fizahantany sy ny orinasa mpivarotra fiarakodia « *Sicam* ». Tony amin' ny foiben' ity orinasa ity eny Anosizato rahateo no natao ny tafa tamin' ny mpanao gazety, omaly. Fiara tsy mataho-dalana « *Mitsubishi* » rahateo no hampiasain' ireo vehivavy ireo amin' izao fitsidihana an' i Madagasikara izao. Andro vitsivitsy izy ireo no any Sainte Marie, hijery trozona, avy eo hiverina eto Antananarivo indray ary handeha fiarakodia hihazo an' i Morondava. Avy eo ho any Morombe mipaka hatrany Ifaty sy Toliary vao hiverina hanaraka ny lalam-pirenena faha-7. Dia tsy mijanona io raha tsy any Antsiranana. Avy eo mankany Nosy Be, toerana hifaranan' ny di amin' ny 30 septambra ho avy izao. Tafaray ao anatin' ity fitsidihana izao' izy fito vavy ity ny fizahantany sy ny fanatanjahantena, satria efa voafantina manokana izy ireo hisedra ny zava-misy eny an-dalana rehetra eny. Mahay mitondra fiara mivoy lakana, mitondra moto na koa mampiasa bisikileta na « *quad* » izy ireo.

Mamonjy R.